Sokajy 4.02 (a) Mba hahatomombana ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy 4.01 amin'ity fifanarahana ity, ny mpisambotra dia mampihatra ny drafitr'asa miaraka amin'ny vanin'andro ampiasana azy izay neken'ny fikambanana mba hanamafy orina ny fomba fitantanana ara-bola ny tetik'asa, ary ahafahana, farafahatarany ny 31 Desambra 2002, na daty hafa aorian'izany ka nifanarahana tamin'ny fikambanana, manao ny tatitra isan-telo volana mikasika ny fitantanana tetik'asa, izay heverina fa mahafa-po ny fikambanana ; ka

- i) A) mampiseho ny loharanom-bola sy ny nampiasana marina ny vola tao amin'ny tetik'asa, izay, natambatra tamin'ny fe-potoana niasana ka nanaovana io tatitra io ary ireo vola sy ny vinavina nampiasana ny vola tao amin'ny tetik'asa tao anatin'ny enim-bolana manaraka ny fotoana voalaza ao amin'io tatitra io ; ary B) mampiseho amin'ny fomba miavaka tsara ny fandaniam-bola rehetra teo amin'ny vola nosamborina nandritra ny fotoana niasana izay nanaovana ny tatitra ary ny vinavina fandaniana rehetra ao amin'ny volan'ny mpikambana ho amin'ny enim-bolana manaraka amin'io tatitra natao io
- ii) A) mampiseho ny fizotry ny asa izay notanterahin'ny tetik'asa hatramin'ireo asa teo aloha ka natambatra ao anatin'ny fotoana izay anaovana ny tatitra, ary
B) manazava ny elanelana misy eo amin'ny tanjona izay noferana hotratrarina sy ny zava-bita tamin'ireo tanjona ireo ; ary

iii) Mampiseho ny firoson'ny asa hatramin'ny andro nanaovana ny fifanekena ny tsenan'asa momba ny tetik'asa, ary fandaniana rehetra mikasika io fanekena io izay novatsian'ny tahiry ho amin'ny fampisamborana vola, hatreo amin'ny fotoana mifanaraka amin'ny tatitra izay natao.

b) Rehefa hita fa ny vinavinan'asa voalaza tao amin'ny toko (a) amin'ity sokajy ity dia tontosa ara-dalana, ny mpisambotra dia manomana, araka ny sori-dalana neken'ny fikambanana, ary mandefa any amin'ny Banky ao anatin'ny 45 andro fara-fahaelany aoriana'ny fiakaran'ny 3 volana isan-taona ny tatitra mikasika ny fitatanam-bola ny tetik'asa nandritra io fotoana io.

ANDININY V

Zo manokan'ny Fikambanana

Sokajy 5.01 Mba ho fampiarana ny Sokajy 6.02 (1) momba ny fepetra ankapobeny, izao zavatra manaraka izao dia marihina manokana, izany hoe, fa misy trangan-javatra mety tsy hahatanteraka ny fandaharana na ny ampahany lehibe tamin'io fandaharana io.

ANDININY VI

Daty mampanan-kery ; Fiafarany

Sokajy 6.01 Raha ny voalazan'ny Sokajy 12.01 (b) ao amin'ny fepetra ankapobeny, ny daty mampanankery ny fampisamborana ho an'ny fandrosoana dia miankina amin'ireto fepetra manaraka ireto :

a) Ny kaonty ho an'ny tetik'asa dia voasokatra tanteraka ary ireo famatsiam-bola voalohany dia voarotsaka ao amin'io kaonty io araka ny fepetra voalaza ao amin'ny sokajy 3.03 (b) amin'ity fifanarahana ity.

b) Ny Mpisambotra dia efa nanendry ny mpanamarina voalaza ao amin'ny Sokajy 4.01 (b) amin'ity fifanarahana ity sy miaraka amin'ny famaritana andraikitra nankinina heverina fa mahafa-po ny Fikambanana ary mifandraika amin'ny voalazan'ny Sokajy II amin'ny tovana 3 amin'ity fifanarahana ity.

c) Ny STP dia nametrahana fomba fitantanana kaonty sy fitantanam-bola afaka hiasa ka heverina fa mahafapo ny Fikambanana.

d) Ny torolalana fanatanterahana, ny torolalana ara-pitantanana, ny torolalana ara-kaonty sy ara-bola dia nahitsy sy navaozina mba hifanaraka amin'ny sehatra fampiharana sy ireo toetra manokan'ny tetik'asa.

e) Ny mpandrindra ny tetik'asa, ny mpanara-maso anatin'ny sy ny mpanampy azy, ny mpanolo-tsaina momba ny fanaovana tsenam-barotra, ny lehiben'ny fitanan-kaonty sy ny mpitan-toratra, voalaza ao amin'ny toko 3 amin'ny tovana 4 amin'ity fifanarahana ity dia noraisina araka ny fepetra sy miaraka amin'ny famaritana andraikitra nankinina heverina fa mahafapo ny Fikambanana ary mifanaraka amin'ireo fepetra voalazan'ny sokajy II amin'ny tovana 3 amin'ity fifanarahana ity.

f) Ny mpisambotra dia nametraka fombafomba azo ampiarina ho an'ny fisintahana heverina fa ho eken'ny Fikambanana, ary mamaritra amin'ny antsipirihany indrindra ny rafipandaminanan'ny STP sy ireo andraikitra ara-asa aterak'izany.

Sokajy 6.02 Ny daty mianjera sivy folo (90) andro aorian'ny datin'ity fifanarahana ity dia raisina araka izay voalaza ho fampiharana ny Sokajy 12.04 mikasika ny fepetra ankapobeny.

Sokajy 6.03 Ny andraikitra ny Mpisambotra araka ny andininy IV amin'ity Fifanarahana ity dia mijanona sy tapitra amin'ny daty izay hiafaran'ity Fifanarahana fisamboram-bola ho an'ny fampandrosoana ity na ny nianjera dimy ambin'ny folo(15) taona aorian'ny datin'ity fifanarahana ity, izay tonga aloha amin'ireo daty roa ireo no tazomina.

ANDININY VII

Ny fisoloan-tanan'ny mpisambotra ; adiresy

Sokajy 7.01 : Ny Minisitra miandraikitra ny Fitantanam-bola sy ny Toe-karena eo amin'ny mpisambotra no misolo tena ny mpisambotra mba ho fampiharana ny sokajy 11.03 ao amin'ny fepetra ankapobeny.

Sokajy 7.02 Ny adiresy voalaza manaraka eto dia marihina mba ho fampiharana ny

Sokajy 11.01n'ny fepetra ankapobeny :

Ho an'ny Mpisambotra :

Minisiteran'ny Fitantanam-bola sy ny Toe-karena
 BP121
 Antananarivo 101
 Madagasikara
 Adiresy telegrafika : Telex : Télécopie :
 MINFINECO 22489 (261-20)22 229 20
 Antananarivo (261-20)22 345 30

Ho an'ny Fikambanana :

Association Internationale de Développement
 1818 H Street, N.W.
 Washington, D.C 20433
 Etats-Unis d'Amérique
 Adiresy telegrafika : Telex : Télécopie :
 INDEVAS 248423 (MCDI) ou (202)477-6391
 64145 (MCI)

NONO IZANY REHETRA IZANY, ny andaniny sy ny ankilany amin'ity fifanarahana ity, izay nosolointenan'ireo olona voatendry ara-dalàna amin'izany, dia nampanao sonia ity fifanarahana ity amin'ny anarany tsirairay avy tao amin'ny distrikan'I Columbia, Etazonian'I Amerika tamin'ny andro sy taona voalaza eo ambony.

NY REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

ANDRIANARIVO Tantely

Solontena nahazo alalàna

Ny FIKAMBANANA IRAISAM-PIRENENA
 HO AN'NY FAMPANDROSOANA

HAFEZ Ghanem

Solontena nahazo alalàna

(Ny fifanarahana fampisamborana fampandrosoana dia soniavina amin'ny teny anglisy nanaovana azy voalohany)

TOVANA 1

Fisintonana ny volan'ny fampisamborana

A- Ankapobeny :

- 1- Ny tabilao eto ambany dia milaza ireo sampana amin'ny asa tanterahina, kojakoja sy fandraharahana izay tokony hovatsiana vola amin'ny alalan'ny trosa, ny habetsahan'ny vola natokana ho isan-tsampana sy ny fianjatoan'ny fandania ho an'ny asa tanterahina, kojakoja na fandraharahana izay nahazoan-dalana isan-tsapana.

Sampana	Vola natokana Amin'izany (mari-bola DTS)	Fianjaton'ny fandania ho Vatsiam-bola
(1) Asa tanterahina	1.220.000	100% n'ny Fandania amin'ny mari-bola vahiny ary 80% n'ny Fandania amin'ny mari-bola Nasionaly
(2) Kojakoja	3.300.000	100% n'ny Fandania amin'ny mari-bola vahiny ary 80% n'ny Fandania amin'ny mari-bola Nasionaly
(3) Fandraharahana Mpiantok'asa sy Mpanamarina	10.110.000	100% n'ny Fandania amin'ny mari-bola vahiny ary 80% n'ny Fandania amin'ny mari-bola Nasionaly
(4) Fanofanana sy Fidinanana an-tsehatra	1.410.000	100%
(5) Tahiry ho fanarenana eo amin'ny asa aman-draharaha araka ny fizarana B.4 ao amin'ny tetik'asa	1.430.000	100%
(6) Fandania momba ny Fampandehanana	1.230.000	90%
(7) Tsy voalaza ilay ampiasana azy	300.000	
Fitambarany :	19.000.000	

3-Hoa an'ity tovana ity :

- a)Ny fiteny hoe “Fandania amin'ny mari-bola vahiny” dia milaza ny

fandaniana natao tamin'ny mari-bola ny tany rehetra ankoatry ny tanin'ny Mpisambotra, ho an'ny kojakoja na fandraharahana avy amin'ny faritry ny tany rehetra ankoatry ny tanin'ny Mpisambotra ;

b)Ny teny hoe “ Fandaniana amin'ny mari-bola nasionaly ” dia milaza ny fananiana natao tamin'ny mari-bolan'ny Mpisambotra, ho an'ny kojakoja na fandraharahana avy amin'ny tanin'ny Mpisambotra ;

c)Ny teny hoe “ tahiry ho fanarenana eo amin'ny asa aman-draharaha ” dia milaza ny fananiana vita mikasika ny PASERP ho famatsiana ireo fandraharahana momba ny fanohanana ho fanarenana ireo mpikarama voakasiky ny Fandaharana momba ny Fisitahana, ka voakasika manokana amin'izany ny fanofanana, fandraharahana, fivezivezena sy momba ny vokatra eo amin'ny asa aman-draharaha.

Ankoatry ny voalazan'ny andalana voalohany eo ambony, tsy misy vola azo alaina :

- a) mba handoavana ny fananiana natao alohan'ity fifanarahana ity
- b) mba handoavana ny fananiana mikasika ny sampana (4) ao amin'ny andalana 1 eo ambony, momba ny fanofanana sy fidirana an-tsehatra natao tany ivelany ka mihoatra ny telo volana na natao avy amin'ny fifanarahana mihoatra ny sanda voakajin'ny 100.000 dollard afa-tsy izay nangatahina ka nahazoana ny fanekena mialoha avy amin'ny Fikambanana ; na
- c) mba handoavana ny fananiana mikasika ny sampana (5) ao amin'ny andalana 1 eo ambony afa-tsy izay natao mifanaraka amin'ny fitsipika sy fombafomba mifehy ny fampiasana ny tahiry ho fanarenana eo amin'ny asa aman-draharaha ka heverina fa eken'ny Fikambanana.
- d) Ny teny hoe “ fampandehanan-draharaha ” dia milaza ny fihoaran'ny fananiana vita tao anatin'ny tetik'asa mba handoavana ny karaman'ny Mpiasa mpanampy eto an-toerana mifamatotra amin'ny fanekena , ny tombotsoa sy zaka sosialy, ny saram-pivezivezena na sara hafa mifandray amin'izany, ny fanofana sy fikojakojana fitaovana, ny fampiasana, ny fikojakojana sy fanamboarana ny fiarakodia sara alain'ny banky, ny hofa sy ny zaka fanofana, ny sara fikojakojana ny birao sy ny kojakonam-birao, ny fandraharahana manasoava hokoaka,

4-Azon'ny Fikambanana atao ny mangataka mba hisintonany volan'ny kaontin'ny fampisamborana, mifototra amin'ny taratasim-pandaniana mba handoavana :

- i) ny entana azo sy ny asa tanterahina avy amin'ny tsena izay ny vidiny dia tsy mihoatra ny sanda voakajin'ny 100.000 dolara ; ii) ny fandraharahana mpiantok'asa ka tsy mihoatra ny sanda voakajin'ny 100.000 dolara ary ny fifanekena natao amin'ny mpanolo-kevitra manokana ka tsy mihoatra ny sanda voakajin'ny 50.000 dolara ; iii) ny fandraharahana fanofanana sy fidinana an-tsehatra (ankoatry ny fanofanana sy fidinana an-tsehatra any ivelany mihoatra ny telo volana) avy amin'ny fifanarahana tsy mihoatra ny sanda voakajin'ny 100.000dolara ; ary iv) ny fananiana momba ny fampandehana, ka izany rehetra izany dia araka ny fepetra nampahafantarin'ny Fikambanana nisambotra.

B-Kaonty manokana :

- 1- Ho fanatanterahana ny tetik'asa, ny Mpisambotra dia manokatra sy mitazona kaonty manokana hametrahana vola amin'ny mari-bola dolara eo anivon'ny bankim-barotra anakiray izay neken'ny Fikambanana ho mahafa-po ny fepetra takiny,ao anatin'izany ny fiarovana rehetra ilaina amin'ny fifanafoanan- trosa, na ny fandraisana ho antoka , na izay mety ho fampikatsoana .

- 2- Rehefa voarain'ny Fikambanana ny taratasy fanamarinana fa voasokatra io kaonty manokana io, ny fangalana vola apetraka amin'io kaonty manokana io dia atao toy izao manaraka izao :
- a) Hatreo amin'ny fotoana andraisan'ny Fikambanana :i) ny tatitra voalohany momba ny fitantanana ny tetik'asa voalaza ao amin'ny sokajy 4.02 (b) amin'ity fifanarahana ity ; ary ii) ny fangatahana hahazo haka vola mifandraika amin'ny tatitra momba ny fitantanana ny tetik'asa avy amin'ny Mpisambotra, dia atao mifanaraka ao amin'ny fepetra voalaza ao amin'ny singa tovana A nampanarahina amin'ny tovana 1 ; sy
 - b) Raha voarain'ny Fikambanana ny tatitra momba ny fitantanana ny tetik'asa izay mifanaraka ao amin'ny sokajy 4.02 (b) amin'ity fifanarahana ity, nampanarahina ny fangatahana fisintomana ny vola mifanaraka ao amin'izay voalaza ao amin'ny tatitra ao amin'ny fitantanana tetik'asa avy amin'ny Mpisambotra dia atao daholo ny fisintomana ny vola rehetra araka ny fepetra voalaza ao amin'ny singa-tovana B ao amin'ny tovana 1 ;
- 3- Ny fandoavam-bola amin'io kaonty manokana io dia ampiasaina mba handoavana ny fandania rehetra izay nahazoan-dalana . Isaky ny manao fandoavam-bola ny Mpisambotra avy amin'ny alalan'io kaonty manokana io dia mandefa ara-potoana nifanarahana tamin'ny Fikambanana ny antonta-taratasy rehetra izay manamarina fa ny fandoavam-bola izay natao dia voatokana ho amin'ny fandania nekena irery ihany.
- 4- Na dia eo aza ireo fepetra voalaza ao amin'ny fizarana B.2 amin'ity tovana ity, ny fikambanana dia voatery hamatsy vola vaovao indray io kaonty manokana io raha tsapa fa mitranga ireto fisehoan-javatra manaraka ireto :
- a) Hitan'ny fikambanana fa ao amin'ireo tatitra momba ny fitantanana ao amin'ny tetik'asa dia tsy mahafeno ny zavatra rehetra takiana ho ampiharina ao amin'ny sokajy 4.02 amin'ity fifanarahana ity.
 - b) Ny fikambanana dia namaritra fa azon'ny mpindrana atao avy hatrany ny maka famatsiam-bola vaovao ao amin'ny kaonty momba ny trosa ; na
 - c) Ny mpisambotra dia tsy nandefa tany amin'ny fikambanana tao anatin'ny fepetra voatondro ao amin'ny sokajy 4.01 (b) (ii) amin'ity fanarahana ity na iray amin'ireo tatitra fanamarinana izay tokony halefa any amin'ny Fikambanana araka ny voalaza ao amin'io sokajy io rehefa vita ny fanamarinana A) ny kaonty sy fitanana an-tsoratra rehetra mampiseho ny fandania momba ny fisintonana ny vola izay mifanaraka amin'ny tatitra momba ny tetik'asa.
- 5- Ny Fikambanana dia tsy voatery hanao famatsiam-bola vaovao ao amin'ny kaonty manokana araka ny fepetra voalaza ao amin'ny fizarana B.2 amin'ity tovana ity raha toa ka ny Fikambanana nilaza tamin'ny misambotra fa manana vinavina ampiantohana amin'ny ampahany na manontolo ny zon'ny mpisambotra hahafahany manao ny fisintonam-bola ao amin'ny kaonty fifampisamborana araka ny fepetra ao amin'ny sokajy 6.02 mikasika ny fepetra ankapobeny. Rehefa naharay an'io fampilazana io ny Fikambanana dia manao taratasy araka ny fahitany samy irery, milaza raha toa ka azo atao ny manao petra-bola indray ao amin'ny kaonty manokana ary inona avy ireo fepetra arahana momba izany, dia mampahafantatra amin'ny mpisambotra ny fanapahan-keviny izy.
- 6- a) Raha toa ny Fikambanana mahatsapa na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona fa nisy famoaham-bola natao amin'ny kaonty manokana mba handoavana fandania-bola ankoatra ireo fandania nekena na tsy nisy taratasy fanamarinana tonga aty amin'ny Fikambanana ny mpisambotra raha vao naharay ny filazana avy tamin'ny Fikambanana dia manome ireo antontan-taratasy rehetra fanampiny izay mety takian'ny Fikambanana na manao petra-bola ao amin'ny kaonty manokana (na

ny Fikambanana nangataka mba hamerenana ny vola amin'ny Fikambanana) amin'ny mari-bola mitovy tamin'ny fandania izay natao, na voaefa ny petra-bola na voaverina ny vola araka ny fisehoan-javatra.

b) Raha ny Fikambanana nihevitra fa na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona, ny vola sisa tavela tamin'ny kaonty manokana dia tsy ilaina intsony hanaovana fandania izay nahazoan-dalana ao anatin'ny enim-bolana manaraka izany fahatsapana izany, dia haverina avy hatrany amin'ny Fikambanana io vola sisa tavela io raha vao naharay filazana avy amin'ny Fikambanana ny Misambotra.

c) Ny Mpisambotra dia mety, raha toa ka nanao filazana amin'ny Fikambanana, mamerina manontolo amin'ny Fikambanana, ny vola rehetra na ny ampaham-bola nametraka tamin'ny kaonty manokana.

d) Ny fanekena natao amin'ny Fikambanana mifanaraka amin'izay voalaza ao amin'ny andalana (a) na (c) ao amin'ny toko faha-6 dia arotsaka ao amin'ny kaonty any momba ny trosa mba hahafahana misarika azy avy eo na ho foanana araka ny fepetra voalaza ao amin'ny fifanarahana fifampitrosana ho an'ny fampandrosoana.

Fomba fampiasana ny kaonty manokana rehefa tsy natao mifanaraka amin'ny tati-pitantanana ny tetik'asa ny fisintonana ny vola

1- Momba ity tovana ity :

a) Ny teny hoe “vola nahazoan-dalana” dia milaza ny habetsaham-bola mitovy amin'ny 1500 000 dolara izay sintomina ao amin'ny kaonty fisamboram-bola ary harotsaka ao amin'ny kaonty fisamboram-bola ary harotsaka ao amin'ny kaonty manokana mifanaraka amin'ireo fepetra voalazan'ny toko 2 amin'ny tovana ity. Lazaina anefa fa, raha tsy, misy fanekena hafa avy amin'ny Fikambanana, ny vola nahazoan-dalana dia tsy tokony hihoatra ny habetsaham-bola mitovy amin'ny 750 000 dolara raha tsy mitovy na mihoatra ny sanda voakajin'ny 1 750 000 DTS ny habetsaham-bola manontolo nosintomina tao amin'ny kaonty fisamboram-bola miampy ny vola rehetra notapahina fa ampiasaina nataon'ny Fikambanana araka ny voalaza ao amin'ny Sokajy 5.02 ny fepetra ankapobeny.

2- Ny fisintonana ny vola izay nekena tao amin'ny kaonty manokana sy izay rehetra mety ho fisintonana manaraka mba hamenoana ny kaonty manokana dia atao toy izao manaraka izao :

a) Ny fisintonana ho an'izay vola nekena tao amin'ny kaonty manokana, dia hanaovan'ny mpisambotra fangatahana any amin'ny Fikambanana na fangatahana petra-bola ao amin'ny kaonty manokana izay mitovy amin'ny habetsahan'ny vola nahazoan-dalana. Avy amin'ny alalan'ireo fangatahana ireo, ny Fikambanana amin'ny anaran'ny mpisambotra, dia misintona ny vola ao amin'ny habetsahan'ny vola nangatahin'ny mpisambotra

b) Mikasika ny famenoana ny kaonty manokana: ny mpisambotra dia mandefa any amin'ny Fikambanana fangatahana petra-bola ao amin'ny kaonty manokana araka ny fe-potoana izay feran'ny Fikambanana. Amin'ny fotoana na alohan'ny fotoana nanaovana ny iray avy amin'ireo fangatahana ireo, ny mpisambotra dia manome ny Fikambanana ny antontan-taratasy rehetra ny fanamarinana mifanaraka amin'ny fizarana B.3 ao amin'ny tovana 1 amin'ity fanekena fandoavam-bola ity izay atao araka ny habetsahan'ny vola famenoana nangatahana. Avy amin'ny alalan'ny iray avy amin'ireo fangataha ireo ny Fikambanana, amin'ny anaran'ny mpisambotra, dia misintona vola ao amin'ny kaontin'ny fisamboram-bola ary mandrotsaka izany ao amin'ny kaonty manokana ka ny antontan-taratasy amin'izany mba omena ho mba ho fanamarinana ny vola ho alaina amin'ny kaonty manokana dia natao handoavana ny fandania izay nekena ihany. Ny vola rehetra arotsaka ao

amin'ny kaonty manokana dia sintonin'ny Fikambanana ao amin'ny kaontin'ny fisam-boram-bola araky ny iray na mety maromaro ny sokajy hametrahana izany ao amin'ny kaonty manokana.

3- Ny Fikambanana dia tsy voatery hanao famatsiana vaovao ao amin'ny kaonty manokana raha hitany fa, ny habetsahan'ny vola tsy nosintoniny tao amin'ny trosa hanesorana an'ireo vola rehetra izay notapahana fa ampiasaina nataon'ny Fikambanana araka ny voalaza ao amin'ny sokajy 5.02 ny fanarahana ankapobeny, dia mitovy amin'ny avo roa heny ny vola nekena ao amin'io kaonty manokana io. Noho izany, ny vola sisa tavela ao amin'ny kaontin'ny fampisamboram-bola dia sintonina ao amin'io kaonty io araka ny fombafomba nampahafantaran'ny Fikambanana amin'ny mpisambotra. Ireo fisintonana vola ireo dia tanterahiana ihany rehefa hita ary araka ny fepetra izay natao, fa ny vola sisa tavela tao amin'ny kaonty manokana tamin'ny fotoan'andro nahampahafantaran'ny Fikambanana fa io vola io dia atokana ho amin'ny fandanianana nahazoan-dalana ihany.

Singan-tovana B
Ao amin'ny TOVANA 1

**Fomba fampiasana ny kaonty manokana rehefa natao mifanaraka amin'ny
tati-pitantanana sy tetik'asa fisintonana ny vola**

1. Raha tsy hoe misy filazana hafa nalefan'ny Fikambanana ho an'ny Mpisambotra, ny vola rehetra tao amin'ny kaontin'ny fampisamboram-bola dia harotsaky ny Fikambanana ao amin'ny kaonty manokana araka ny fepetra voalaza ao amin'ny tovana 1 amin'ity fifanarahana ity. Ny vola rehetra narotsaka tao amin'ny kaonty manokana dia nosintonin'ny Fikambanana tao amin'ny kaontin'ny fampisamboram-bola arotsaka ao amin'ny iray na sampana maromaro nahazoan-dalana ao amin'io kaonty manokana io.

2. Ny fangatahana tsirairay mikasika ny fisitonam-bola avy amin'ny kaontin'ny fampisamboram-bola mba harotsaka ao amin'ny kaonty manokana dia voamarina ao antin'ny tatitra mikasika ny fitantanana ny tetik'asa.

3. Rehefa naharay ny fangatahana manambara ny habetsahan'ny vola ho sintonina ao amin'ny kaontin'ny fampisamboram-bola ny Fikambanana, amin'ny anaran'ny Mpisambotra, dia maka ny vola ao amin'io kaonty io ary mandrotsaka azy ao amin'ny kaonty manokana araka ny habetsahan'ny vola izay kely indrindra amin'ireto roa ireto : a) ny habetsahan'ny vola nangatahana ary b) ny habetsahan'ny vola izay nataon'ny Fikambanana mifanaraka amin'ny voalaza ao amin'ny Tatitra momba ny fitantanana ny tetik'asa nampiarahina amin'io fangatahana io, izay tokony harotsaka mba hanaovana fandaniana nahazoan-dalana mandritra ny enim-bolana manaraka ny fotoanandro nanaovana ny tatitra. Na izany aza dia lazaina fa ny habetsahan'ny vola voarotsaka miampy ny vola sisa tavela tao amin'ny kaonty manokana izay aseho ny tatitra momba ny fitantanana ny tetik'asa dia tsy mihoatra ny sanda voakajin'ny 4.000.000 USD

TOVANA 2

FAMARIPARITANA NY TETIK'ASA

Ny tetik'asa dia mikendry ny hanampy ny Mpisambotra hanatsara ny fahafahana mampiasa ireo fandraharahana lehibe ilain'ny fiainam-bahoaka sy ihany koa ny fahombiazan'izy ireny ihany koa, sy hametrahana ny saran'izy ireny ho eo amin'ny antonony, amin'ny fanatanterahana ny fandaharana momba ny fisitahan'ny fanjakana amin'ireo orinasam-panjakana lehibe ary amin'ny finiavana hanamafy orina ny fahaiza-manaon'ireo rafitra misahana ny fisintahana sy ny rafitra mizaka tena, ary amin'ny fanamorana ny firosahan'ireo mpandraharaha vaovao ao amin'ny sehatra nasiam-pahalalahana.

Raha tsy misy fanovana mety hifanarahan'ny Mpisambotra sy ny Fikambanana ho amin'izay hatratrarana ireo zava-kendrena ireo, ny tetik'asa dia ahitana izao fizarana manaraka izao :

Fizarana A Fanavaozana ny didy amam-pitsipika :

1. Fanomezana fanohanana sy antoka ahafahana manamafy orina ny fahaiza-manaon'ireo rafitra misahana ny didy amam-pitsipika eo amin'ny sehatry ny angovo, fitanterana an'habakabaka, fifandraisana sy vola, izay mahasahana indrindra indrindra, anefa tsy voafetra :

a) Ho an'ny OMH

i) Ny fametrahana fombafomba fanakambanana ahafahana manome fanohanana amin'ny famohana sy fampiharana fombafomba fanomezana fahazoan-dalana sy manara-maso ny fanajana ireo fepetra eo amin'ny kalitao sy fiarovana

ii) Fanomezana fandraharahana fanoloran-kevitra amin'ny lafin'ny lalàna sy ara-teknika mba hahafahana A) manatanteraka, ho toy ny filamatra fanamafisana momba ny tontolo iainana, hahafahana mitily ireo olana mikasika ny tontolo iainana misy talohan'ny fanalalahana ny SOLIMA, ary izany dia hahazoana mandrefy ny fiantraikany eo amin'ny tontolo iainana, mitily ny fepetra iaraha-mizaka izay mety ho fahavoazana ary manolotra drafitr'asa hanarenana ny zava-misy sy handraisana fepetra hanalefahana izay mety ho fahavoazana, B) manara-maso ny fampiharana ny drafitr'asa hametraha ireo “squatters” nonina teo amin'ny toerana voatokana ho an'ny “oléoduc” ao Toamasina, ary C) mametraka didy amam-pitsipika momba ny tontolo iainana sy manara-maso ny fampiharana ny fepetra sy didy amam-pitsipika momba ny tontolo iainana ;

iii) Fanomezana fitaovana, sy fanatanterahana Vaventy, hametrahana “laboratoire” hametra sy hanara-maso ny fanajana ireo fepetra eo amin'ny tontolo iainana.

b) Ho an'ny OMERT

i) Fanomezana fandraharahana fanofanana eo amin'ny sahan'ny fanarenana ny sandam-bidy, “interconnection”, fandraharahana mahafaobe, fifaninanana, fanomezana fahazoan-dalana sy famahana ireo fifanolanana ary sehatra hafa mifandray amin'ny fanarenana io sehatra io ; ii) Fametrahana fomba fitantanana ny fielanelanana ; sy iii) famohana fomba fitantanana ireo fréquences ; ary famoronana tetika eo amin'ny fifandraisana amin'ny tontolo ambanivohitra.

c) Ho an'ny ACM, fandraharahana filan-kevitra ar-teknika sy fanomezana fitaovana mba :

i) Hanamora fanaparihanam-baovao ho an'ny sarababem-bahoaka hahafahana mampiroborobo ny fanavaozana ny sehatra didy amam-pitsipika sy

ii) Fametrahana ny fomba fitantanana informatika hahafahan'ny ACM

manaraka ny fomba haingana sy mahomby ny asa sy vaovao mifandraika amin'ny sehatra, sy mandray fepetra fiarovana mety ilaina.

d)Ho an'ny sehatra fampiasam-bola, fanomezana fandraharahana filan-kevitra ara-teknika, fanatanterahana fandaharana fizarana asa sy fiofanana, sy faomezana fitaovana ahafahana mametraka didy amam-pitsipika ho an'ny sehatra fiantohana, sy fanamafisana ny fahaiza-manao eo amin'ny fitiliana sy fanaraha-maso ny sehatra fiantohana, ary fanavaozana ny CnaPS.

e)Ho an'ny CFCE, fanomezana fandraharahana filan-kevitra hafahana manamafy ny fahaiza-manao hananany mba hampahomby ny fombafomba ampiharina amin'ireo orinasa sy

hanamorana ny fanoratana azy ireny ao amin'ny registra ara-barotra sy hampihena ny sara hidirana ao amin'ny sehatra tsy miankina.

Fizarana B : Fanohanana ny fametrahana sy asan'ny STP

1.Fanomezana fandraharahana filan-kevitra ara-teknika hampahomby ny paika ho amin'ny fisintahana, handinihana fepetra sy fombafomba ara-drafi-pitondrana, sy hanamafisana ny fahaiza-manao anatin'ny STP sy ny fahefana mahefa eo amin'ny lafin'ny tontolo iainana ahafahana mitantanana ny fomba mahomby ny paika fandinihana sy fanamarinana eo amin'ny lafin'ny tontolo iainana, hanarahana ny fanajana ireo sori-dalana momba ny tontolo iainana sy ireo mari-drefim-pahombiazana ary hanamafisana ny fahaiza-manao ao anatin'ny PASERP araka ny fisandrahan'ny andraikiny.

2.Fanomezana fandraharahana ara-teknika hahafahana : a)manampy ny fahaiza-manao ao anatin'ny FFP, b)hijerena ny fanajana ny tena lehibe amin'ireo didy amam-pitsipika ampiharina amin'ny FFP, sy c)ampihainana fanamariham-baovao mahery vaika ho fampiroboroboana ny fianton'asa sy ny fifandraisana momba ny paika amin'ny fisintahana.

3.Fanomezana fandraharahana filan-kevitra eo amin'ny lafiny lalana sy fandraharahana teknika hafa hahafahana manamora ny famaranana ny fandaharana momba ny fisintahana, ka ao anatin'izany ny fanomezana fandraharahana eo amin'ny lafiny lalana mifandraika amin'ny fananan-tany, famindrana taratasy manan-tsanda, fanatanterahana, fanamarinana momba ny tontolo iainanan'ny fikambanam-barotra andalam-pisintahana ka manana asa misy fiantraikany eo amin'ny tontolo iainana.

4.Fanomezana fanohanana ara-bola ny tahiry fanarenana eo amin'ny asa aman-draharaha voafetra tao anatin'ny PASERP hahafahana mamatsy vola ny fandaharam-pihofanana sy fanarenana amin'ny asa aman-draharaha ho an'ny mpiasa voakasiky ny fandaharana momba ny fisintahana

Fizarana C : Fanohanana ireo asa fampandrosoana vaovao eo amin'ny sehatra tsy miankina.

1.Fanomezana fandraharahana filan-kevitra ara-teknika, sy fanomezana fitaovana sy kojakoja hahafahana manamafy ny fahaiza-manaon'ireo orinasa madinika sy salantsalany amin'ny fametrahana ny ONPE sy fihazonana ny asan'izy ireny.

2.Fanomezana fanohanana ara-teknika sy ara-bola ahafahana manamarin-toerana sy manainga ny tetik'asa azo heverina ho fanatanterahana asa santatra eo amin'ny sehatra nomen-danja kendren'ny mpisambotra sy hanome fomba fampandrosoana.

X X X

Ny fahavitan-tetika dia voatondro ho ny 31 Desambra 2005

TOVANA 3

Fifanekena tsenan'asa sy Fandraharahana mpiantok'asa

Sokajy I : Fifanekena tsenan'asa momba ny kojakoja sy asa

Fizarana A- Famaritana ankapobeny :

1- Ny tsenan'asa momba ny kojakoja sy asa dia azo atao araka : a) ireo fepetra amin'ny sokajy 1 “ Sori-dàlana momba ny fifanekena tsenam-barotra vatsian'ny findramam-bola avy amin'ny Banky sy findramam-bola avy amin'ny IDA ” navoakan'ny Banky tamin'ny Janoary 1995, nohavaozina tamin'ny Janoary sy Aogôsitra 1996, tamin'ny Septambra 1997 sy tamin'ny 1999 ankoatra ny fanovana voabelabelatra ao amin'ny toko 2 amin'ity Fizarana A ity (ireo sori-dàlana) ; sy b) araka ireo fepetra voabelabelatra ao amin'ireo fizarana manaraka amin'ity sokajy I ITY.

2- Ireo toro- marika izay hita ao amin'ny toko 1.06 sy 1.08 momba ny sori-dàlana ao amin'ireo “ Firenena Mpikambana ao amin'ny Banky “sy Firenena Mpikambana dia heverina fa mifanaraka avy amin'ireo “ Firenena Mpandray anjara ” sy ny “ Firenena Mpandray anjara ”

Fizarana B- Tolo-bidy misokatra iraisam-pirenena :

1- Ankoatry ny fepetra ao amin'ny Fizarana C amin'ity Sokajy ity, ny tsenam-barotra ny momba ny kojakoja sy asa dia omena mifanaraka amin'ireo fepetra ao amin'ny Sokajy II momba ny sori-dàlana ireo

2- Ireto fepetra ireto dia ampiharina amin'ny tsenam-barotra ny momba ny kojakoja sy ny asa izay omena mifanaraka amin'ny fepetra ao amin'ny toko 1 amin'ity Fizarana B

a) Fampivondronana ny tsenan'asa :

Araka izay azo atao, ny tsenan'asa momba ny kojakoja sy ny asa dia atambatra ho toko amin'ny vidiny voavinavina mitovy, mifanaraka amin'ireo voalaza any, ho 100.000 dolara sy 200.000 dolara na mihoatra isan'izany.

b) Tombondahiny omena ireo vokatra vokarin'ny Firenena Mpisambotra na ireo Mpandraharaha ao amin'ny Firenena Mpisambotra:

Ny fepetra voalazan'ny toko 2.54 sy 2.55 ao anatin'ny sori-dàlana sy ireo voalazan'ny tovana 2 ao amin'io sori-dàlana io dia mihatra amin'ireo vokatra voakasika ao amin'ny tanin'ny Mpisambotra ireo asa tokony ho tanterahin'ny mpandraharaha ao amin'ny Firenena Mpisambotra.

Fizarana C :Fomba ho amin'ny fanatanterahana tsenan'asa :

1-Ny tsena momba ny kojakoja sy fanaka izay manana tombam-bidy latsaky ny ny sandan'ny 100.000 dolara isaky ny tsenan'asa, tsy mihoatra ny sandan'ny 500.000 dolara ny teti-bidiny ankapobeny, sy ny tsena momba ny asa izay manana tombam-bidy latsaky ny vola tambin'ny 200.000 dolara isaky ny tsena, tsy mihoatra ny vola tambin'ny 500.000 Dolara ny teti-bidiny ankapobeny, dia azo omena araka ny fepetry ny toko 3.3 sy 3.4 mikasika ny sori-dàlana, araka ireto fepetra ireto : i) ireo mpanao tolo-bidy dia manana fe-potoana ampy (herinandro efatra) ahafahany hanomana sy hametraka ny tolo-bidy, ii)ny fepetra mikasika ny fanombanana ny tolo-bidy sy ny fifantenana ireo mpanao tolo-bidy dia voalaza mazava ao amin'ny antontan-taratasy momba ny tolo-bidy ary ampiharina amin'ny fomba miangatra ; iii)tsy mpandraharaha azo ekena ka sakanana tsy handray anjara ; iv)ireo mpandraharaha sy mpamatsy ara-pitaovana tera-tany dia tsy mahazo tombony manokana ; v)ny tsenan'asa dia omena ny mpanao tolo-bidy izay manome tolo-bidy ambany indrindra mifanaraka amin'ny fomba voalaza mifanaraka amin'ny fomba voalaza sy mangarahara ; ary vi)ny tatitra momba ny fanombanana ny tolo-bidy dia manambara mazava ny antony nahatonga ny tolo-bidy iray

2-Fanantonana ny mpamatsy kojakoja eo amin'ny seha-pirenena :

Ny tsenan'asa momba ny kojakoja izay manana tombam-bidy latsaky ny vola tambin'ny 30.000 dolara isaky ny tsenan'asa, sy mihoatra ny 100.000 dolara farafahabetsany ny tombom-bidiny ankapobeny, dia azo atao araka ny fomba fanao amin'ny fanatonana mpamatsy kojakoja eo amin'ny seha-pirenena mifanaraka amin'ny fepetra voalaza ao amin'ny toko 3.5 sy 3.6 amin'ny sori-dàlana.

Fizarana D : Fandinihan'ny Fikambanana ireo fanapahan-kevitra mikasika ny fifanekena tsenan'asa :

1-Fandrafetana ny fifanekena tsenan'asa :

Alohan'ny famoahana ny filazana tolo-bidy mikasika ny tsenan'asa, ny drafitra fifanekena tsenan'asa vinavinaina ho an'ny tetik'asa dia atolotra ny fikambanana mba ho dinihany sy hankatoaviny, araka ny fepetra amin'ny toko 1 amin'ny tovana 1 amin'ny sori-dalana. Ireo tsenan'asa momba ny kojakoja sy asa dia atao mifanaraka io drafitra fifanekena tsenan'asa io izay nankatoavin'ny fikambanana, sy araka ny fe-petra voalazan'io toko 1 io.

2-Fandinihana mialoha :

Ny fombafomba voalazan'ny toko 2 sy 3 ao amin'ny tovana 1 ao amin'ny sori-dalana dia ampiharina amin'ny tsenan'asa momba ny kojakoja sy asa izay manana vidy voavinavina mitentina na mihoatra ny vola sandan'ny 100.000 dolara.

3-Fandinihana ao aoriana :

Ny fombafomba voalazan'ny toko 4 ao amin'ny tovana 1 ao amin'ny sori-dalana dia ampiharina amin'ny tsenan'asa izay tsy voafehin'ny toko 2 amin'ity fizarana ity.

Sokajy II : Fampiasana mpiantok'asa :

Fizarana A : Ankapobeny

1-Ny fifanarahana fandraharahana mpiantok'asa dia tokony hifanaraka: a)Amin'ireo fepetra hita ao amin'ny teny fampidirana sy hita ao amin'ny Sokajy faha-4 ao amin'ny sori-dalana “ Fifidianana sy Fampiasana ireo Mpiantok'asa ataon'ny Mpisambotra amin'ny Banky Iraisam-pirenena ” natontan'ny Fikambanana tamin'ny Janoary 1997 sy nohavaozina tamin'ny Septambra 1997 sy Janoary 1999, raha tsy misy fanovana izay voalaza ao amin'ny toko faha-2 amin'ity fizarana A ity (ireo sori-dalana amin'ny fampiasana mpiantok'asa sy b)amin'ireo fepetra izay ho hita amin'ny Fizarana manaraka amin'ity sokajy II ity.

2-Ny toro-marika hita amin'ny toko 1.10 amin'ny sori-dalana amin'ny fampiasana Mpiantok'asa an'ireo Firenena Mpikambana amin'ny banky sy amin'ny Firenena Mpikambana dia voalaza fa mifandraika amin'ny “Firenena Mpandray anjara maro ” sy “ Firenena Mpandray anjara tsirairay ”

Fizarana B : Fifantenana miorina amin'ny fahatsarana teknika sy ny sara.

1-Ankoatry ny fepetra mifanohitra amin'ny fizarana C amin'ity Sokajy ity, fifanarahan'asan'ny mpandraharaha mpiantok'asa dia omena mifanaraka amin'ny fepetra Sokajy II amin'ny sori-dalana momba ny fampiasana ny mpiantok'asa, amin'ny Toko 3 ny tovana 1 ao amin'ireo sori-dalana ireo, sy amin'ny fepetran'ny Toko 3.13 ka hatramin'ny 3.18 amin'ireo sori-dalana ireo ampiharina amin'ny fifantenana ny Mpiantok'asa mifanaraka amin'ny fahatsarana teknika sy ny sara.

2-Ireto fepetra mananaraka ireto dia ampiharina amin'ny fifanarahan'asan'ny mpiantok'asa izay tsy maintsy omena mifanaraka amin'ireo fepetra amo amin'ny toko teo aloha. Ho amin'ireo fanatanterahan'asa azo avy amin'ny fifanekena manana tombam-bidy latsaka na mitovy amin'ny vola sandan'ny 50.000 dolara isaky ny fifanekena, ny lisitra voafetra ny mpiantok'asa dia afaka tsy milaza afa-tsy ny mpiantok'asa an'ny Firenena, mifanaraka amin'ny fepetran'ny Toko 2.7 amin'ny sori-dalana amin'ny fampiasana ny mpiantok'asa.

Fizarana C : Fomba hafa fifantenana mpiantok'asa

1-Fifantenana amin'ny vidiny ambany indrindra :

Ny fifanekena fandraharahan'asa momba ny fanamarinana lasitra ara-bola ho an'ny

tetik'asa, manana tombam-bidy latsaky ny vola sandan'ny 100.000 dolara isaky ny fifanekena, tsy mihoatra 400.000 dolara ny vidiny ankapobeny dia azo atao mifanaraka amin'ny fepetra voalazan'ny 3.1 sy 3.6 ao amin'ny sori-dalana momba ny fampiasana Mpiantok'asa

2-Fifantenana ny fototra amin'ny fahaiza-manao ny mpiantok'asa :

Ny fifanekena fandraharahan'asan'ny Mpiantok'asa momba ny fiofanana sy ireo asa madinika ho an'ity tetik'asa ity ka manana tombam-bidy latsaky ny vola sandan'ny 100 000 dolara isaky ny fifanekena, tsy mihoatra ny 1.000.000 dolara farafahabetsany ny vidiny ankapobeny dia azo atao mifanaraka amin'izay voalazan'ny toko 3.1 sy 3.7 ao amin'ny sori-dalana momba ny fampiasana Mpiantok'asa.

3- Mpiantok'asa mandeha irery :

Ny fifanekena fandraharahan'asa momba ny fanadihadiana madinika, natokana ho fohy ezaka sy asa hafa mahafeno ny fepetra voalazan'ny toko 5.1 ao amin'ny sori-dalana fampiasana Mpiantok'asa dia omena ny Mpiantok'asa mandeha irery araka ny fepetra voalaza ny toko 5.1 hatramin'ny 5.3 ao min'ny sori-dalana fampiasana mpiantok'asa.

Fizarana D : Fandinihan'ny Fikambanana ny fifanekena Mpiantok'asa

1-Alohan'ny famoahana ny fangatahana soso-kevitra, ny drafitra momba ny fifantenana Mpiantok'asa heverin'ny tetik'asa dia ampahafantarina ny Fikambanana ho dinihiny sy hankatoaviny, araka ny fepetra voalazan'ny toko 1 ao amin'ny tovana 1 momba ny sori-dalana momba ny fampiasana Mpiantok'asa. Ny fifantenana ny Mpiantok'asa dia atao mifanaraka amin'io drafitra momba ny fifantenana nankatoavin'ny Fikambanana io araka ny fepetra voalazan'ny Toko 1 io.

2-Fandinihana aloha :

a)Ny fombafomba voalazan'ny toko 1 sy 2 (Ankoatry ny andalana fahatelo ao amin'ny toko (a)) sy ny toko 5 ao amin'ny tovana momba ny sori-dalana momba ny fampiasana Mpiantok'asa dia ampahafantarina amin'ny fifanekena rehetra amin'ny Mpiantok'asa manana teti-bidy mitentina na mihoatra ny vola sandan'ny 100.000 dolara

b)Ny fombafomba voalazan'ny toko 1 sy 2 (anakoatry ny andalana faharoa ao amin'ny toko 2 (a)) sy ny toko 5 ao amin'ny tovana 1 momba ny sori-dalana fampiasana Mpiantok'asa dia ampahafantarina amin'ny fifanekena rehetra amin'ny Mpiantok'asa manana teti-bidy mitentina na mihoatra ny vola sandany 50.000 dolara fa latsaky ny vola sandan'ny 100.000 dolara .

c)Ny fifanarahana amin'ny Mpiantok'asa mandeha irery manana teti-bidy mitentina na mihoatra ny vola sandan'ny 50.000 dolara, sy amin'ny Mpandraharaha avo lenta ao amin'ny STP, ny manana fahaiza-manao manokana ny manana traik'efa, ny andraikitra nankinina sy ny fepetra fampiasana Mpiantok'asa dia ampahafantarina Fikambanana mba ho dinihiny sy ankatoaviny. Tsy azo tanterahina ny fifanekena raha tsy voaray io fankatoavana io.

3-Fandinihana ao aoriana :

Ny fombafomba voalazan'ny toko 4 ao amin'ny tovana 4 momba ny sori-dalana fampiasana Mpiantok'asa dia ampahafantarina amin'ny fifanekena rehetra tsy voafehin'ny toko 2 amin'ity fizarana ity

TOVANA 4

Fandaharana fanatanteraha

1-a)Ny Mpisambotra dia mitazona ny komity misahana ny Fisintahana ka ny fepotoana iasana, ny andraikitra nankinina, sy ny firafitra dia neken'ny Fikambanana ; io komity io no miandraikitra ny asa fandrindrana sy fanaraha-maso ankapobeny ny fandaharana momba ny fisintahana.

b)Ny Mpisambotra, izay mampifandray amin'ny tari-dalan'ny komity misahana ny fisintahana, dia manangana sy mitazona vondrona mpanandrindra ny tetik'asa, ka io vondrona io no miandraikitra ny fandrindrana ankapobeny ny tetik'asa sy, ho amin'izany, fandinihana ny fandaminan'asa, ny fanatontosana ny teti-bola sy ny tatitra ara-bola, ny fanaovana fifanekena momba ny fanamarinana, ary amin'ny ankapobeny, miantoka fa ny fampiasana vola nampisamborina dia mifanaraka amin'ny tanjon'ny fampisamborana sy ny fomba voalazan'ity fifanarahana ity.

2-Ny Mpisambotra dia mitazona ny STP izay miandraikitra ny fitantanana andavanandro ny tetik'asa, sy ho amin'izany misahana ny famolavolana ny teti-bola sy ny fandaharan'asa, mitantana ny fanatanterahana ny tsenan'asa sy famoaham-bola, mitana ny kaonty sy mamolavola ny tatitra momba ny fizory ny asa sy io antotan-taratasy sarobidy takiana amin'ny tetik'asa.

3-Ny Mpisambotra dia mandray ny fepetra ilaina mba hahazoana antoka fa :

a)Ny Vondrona dia tarihin'ny Mpanandrindra ny tetik'asa, ampian'ny mpanaramaso anatin'ny iray miandraikitra ny fanaraha-maso ny tomban'ny ezaka ny tetik'asa, sy mpanampiny ary mpikarama araka araka ny isa ampy manana ny fahaiza-manao sy traik'efa takiany.

b)Ny STP dia mandray Mpanolon-tsaina iray momba ny fanatanterahana tsenan'asa, lehiben'ny fitantanam-bola sy mpitantanm-bola ary mpikarama manana ny fahaiza-manao sy traik'efa takiana sy araka ny isa ilaina mba hanamafy ny fahaiza-manaon'ny STP eo amin'ny fitantanana ara-bola fanatanterahana tsenan'asa ; sy

c)Ny andraikitra maha-mpanandrindra ny tetik'asa, maha-mpanaramaso anatin'ny sy ny mpanampy, maha-mpanolon-tsaina momba ny fanatanterahana tsenan'asa, ny maha-lehibe ny fitantanam-bola sy maha-mpitantanm-bola voalaza ao amin'ity andalana ity, dia ferana ho mandritra ny fotoanan'ny tetik'asa ho an'ireo olona manana fahaiza-manao sy traik'efa heverin'ny Fikambanana fa ampy.

4-Ny Mpisambotra dia manatanteraka ny tetik'asa mifanaraka amin'ny fombafomba voalazan'ny torolalana fanatanterahana ny tetik'asa, raha tsy ohatra ka manapan-kevitra hafa ny Fikambanana, ary tsy mahazo manova io toro-lalana io, na manao fialana amin'izany raha toa ny Fikambanana mihevitra fa io fanovana io na io fialana io dia mety hanohintohina lehibe ny fanatanterahana ny tetik'asa.

5-Ny Mpisambotra dia :

a)Mampiasa tetika sy fombafomba ahafahany manara-maso sy manao tomban'ezaka amin'ny fomba maharitra, izay mifototra amin'ny mari-drefy heverina fa mahafa-po ny Fikambanana, ny fanatanterahana ny tetik'asa sy fanatratrarana ny tanjon'io tetik'asa io

b)Mamolavola araka ny andraikitra nankinina heverina ho mahafa-po ny Fikambanana, sy mandefa any amin'ny Fikambanana na ny manodidina ny 30 Jona 2002 tatitra mirakitra ny vokatry ny asa tombon'ezaka natao araka ny andalana (a) amin'ity sokajy ity, ny fizotry ny fanatanterahana ny tetik'asa mandritry ny vanim-potoana mialohan'ny datin'io tatitra io ary manambara tolo-kevitra ho enti-manatsara ny fanatanterahana ny tetik'asa sy fanatratrarana ny tanjona ho an'ny vanim-potoana manaraka io daty io ; sy

c)Mandinika miaraka amin'ny Fikambanana, manomboka eto ka hatramin'ny 30 Novambra 2002, na amin'ny daty hafa ao aoriana noferan'ny Fikambanana, ny tatitra voamarina voalaza ao amin'ny andalana (b) amin'ity sokajy ity, avy eo mandray ny fepetra ilaina hahafahana mamita antsakany sy andavany ny tetik'asa sy ny fanatratrarana ny tanjona, mifototra amin'ny fe-

teny sy tolo-kevitra ao amin'io tatitra io sy ny fomba fijerin'ny Fikambanana ny raharaha.

6-a) Raha ela indrindra ny 30 Novambra isan-taona, manomboka ny 30 Novambra 2001, ny Mpisambotra dia mandefa any amin'ny Fikambanana, mba ho dinihina sy hankatoavina fandaharan'asa sy vinavina teti-bola ho an'ny taom-piasana ho avy, izay ahitana ny antsipiriana ny tombatombam-pandaniana hatao, ny asa fanatanterahana tsenan'asa vinavinaina, ary ny zavatra hafa rehetra azon'ny Fikambanana angatahina .

b) Ny Mpisambotra dia mandefa any amin'ny Fikambanana, mba ho dinihina :

i) Tatitra isan-telovolana momba ny toetoetry ny fizotry ny tetik'asa, farafahatarany iray volana aorian'ny fifaranan'ny telo volana sy

ii) Tatitra, araka izay ilana azy, mikasika ny fanomezana tsenan'asa sy fifanarahana momba ny tetik'asa.

7-Ho fanatanterahana ny Fizarana A 1 (a) (ii) (A) ny tetik'asa, ny Mpisambotra dia :

a) Manatanteraka farafahatarany ny 31 Desambra 2001 fifanaraham-pitananana amin'ny Mpiantok'asa manana fahaiza-manao sy traik'efa takiana amin'ny fanatanterahana fanamarinana momba ny tontolo iainana lasitra mba hahafahana mitily ny olana eo amin'ny tontolo iainana misy momba ny fisitahana amin'ny SOLIMA sy mifototra amin'izay manao toman'ezaka momba ny fiantraikany eo amin'ny tontolo iainana, mitily ny fepetra fizarana izay mety ho voka-dratsy ary manolotra drafitr'asa ho enti-manarina ny zava-misy sy ireo fepetra hanalefahana izay mety ho voka-dratsy eo amin'ny tontolo iainana ;

b) Manao ny tetika ho fanamarinana ara-potoana miaraka amin'izay voakasika amin'izany, ka hahafahana mampahafantatra izay tokony ho fantatra misy sy tena ho fanamarinana, misy ny antonontony sy ny tanjon'ny fanamarinana, ny fandrosoan'ny zava-bita sy ny vokatra azo tamin'izany fanamarinana izany, ny zavatra ao amin'ny drafitr'asa ary ny fepetra fanitsiana natolotra ; sy

c) Mamolavola drafitr'asa, mifototra amin'ny fehi-tenin'ny fanamarinana sy ny vokatra ny tetika fanamarinana, mba hanarenana ny zava-misy sy mamolavola fepetra hanalefahana ny loza mety hiseho heverina ho mahafa-po ny Fikambanana sy eken'ireo izay mety ho voakasik'izany ; ary mandray fepetra ilaina mba ho fanatanteraha ny drafitr'asa sy fepetra hanalefahana ny loza mety hiseho araka ny fandaharam-potoana sy ny fombafomba nifanarahana momba ity drafitr'asa ity sy ireo fe-petra fanalefahana ny loza mety hiseho.

8-Ny Mpisambotra dia mitandro mba hanatanterahan'ny STP isan'enim-bolana fanamarinana tsy miankina amin'ny asa fanatanterahana tsenan'asa sy ny fahatsarana mifototra amin'ny santionany nataon'ny mpanamarina ivelany, sy miantoka ny hanatanterahana ny tolo-kevitra ao amin'io fanamarinana io araka ny fomba ilana azy sy maha-mety azy eo ambany fanaraha-mason'ny Mpanolon-tsaina momba ny fanatanterahana tsenan'asa voalaza ao amin'ny toko faha 7 amin'ity tovana ity.